



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-262

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKI NY VOLAVOLAM-
PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, MANOMBOKA NY
ALATSINAINY 12 JONA 2023 KA HATRAMIN'NY TALATA 20 JONA 2023.

Fivoriana faha-23
Natao ny
Talata 13 Jona 2023
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Ramatoa isany: - NAHARIMAMY Irmah Lucien
- ANGELE Solange

FOTOANA: Talata 13 Jona 2023, tamin'ny 11 ora sy 15, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinhana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena vokatry ny diniky ny Filoha, manomboka ny Alatsinainy 12 Jona 2023 ka hatramin'ny Talata 20 Jona 2023.

Nitohy ny Talata 13 Jona 2023, tamin'ny 11 ora sy 15 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Ramatoa NAHARIMAMY Irmah Lucien, no nanatanteraka izany.

Taorian'izay, nampahatsiahysy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, Ramatoa Filoha.

Rehefa izany, niangavy indray ny Mpitantsoratra ny tenany, mba hamaky ny famintinana ny fivorian'ny Diniky ny Filoha.

Ramatoa NAHARIMAMY Irmah Lucien hatrany no nanatontosa izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alatsinainy 12 Jona 2023 nanomboka tamin'ny 4 ora, tolak'andro, ny Diniky ny Filoha.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny Diniky ny Filoha sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ireo mpivory tonga nanatrika ny fivoriana no nanombohan-dRamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana. Nialatsiny izy noho ny fahataran'ny fanombohan'ny fotoana.

Novakiana ny volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Biraô Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alatsinainy 12 Jona 2023 tamin'ny 10 ora, maraina.

Niroso tamin'ny adihevitra avy eo. Nizara roa mazava ny hevity ny mpivory. Tao ireo milaza fa tsara raha atao aorian'ny fetin'ny 26 Jona 2023 ny fihaonana amin'ny Governemanta sy ny fandinhana arahana fanapahan-kevitra mikasika ireo antontan-taratasy mirakitra ny tatity ny Vaomiera misahana ny Fiampangana eo amin'ny Fitsarana Avo. Ao kosa ireo mitazona ny

tolo-kevitry ny Birao Maharitra ny hanaovana ireo lahadinika ireo ny Alarobia 14, ny Alakamisy 15 sy ny Zoma 16 ary ny Alatsinainy 19 Jona taona 2023.

Taorian'ny adihevitra naharitra dia naroson-dRamatoa Filoha ny tsangan-tànanana. Miisa 7 no nitazona ny tolo-kevitry ny Birao Maharitra, miisa 7 ihany koa no nilaza fa tokony hahemotra aorian'ny fetim-pirenena ary 1 tsy nilaza ny heviny. Koa araka ny andininy faha-56 ao amin'ny Fitsipika Anaty sy ny fomba amam-panao Parlemantera rehefa mitovy toy izao ny isa dia manan-kery ny safidin'ny Filoha mpitarika.

Nitazona ny tolo-kevitry ny Birao Maharitra, Ramatoa Filoha.

Toy izao ny fanapahan-kevitry ny Diniky ny Filoha ka hoentina eny anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

(Jereo ny tovana)

ORDRE DU JOUR

Pour la période du Lundi 12 Juin 2023 au Mardi 20 Juin 2023

LUNDI 12 JUIN 2023

10H 00: Réunion des Membres du Bureau Permanent (Salle BP)

15H 00: Conférence des Présidents (Salle BP)

MARDI 13 JUIN 2023

10H 00: SEANCE PLENIERE - (Salle des séances)
-Adoption de l'ordre du jour

15H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS

- Commission des Finances et du Budget (*Saisie au fond*)
- Commission de l'Economie et de la Planification (*Saisie pour avis*)
- Commission des Postes, des Télécommunications et des Nouvelles Technologies (*Saisie pour avis*)
- Commission de l'Energie et de l'Eau - (*Saisie pour avis*) - (*Salle BP*)

-Projet de loi n°011/2023 du 24 Mai 2023 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au « Projet connectivité Numérique et Energétique pour l'inclusion à Madagascar(DECIM)» conclu le 09 avril 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

MERCREDI 14 JUIN 2023

10H 00: **SEANCE PLENIERE** - (Salle des séances)

-Projet de loi n°011/2023 du 24 Mai 2023 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au «Projet connectivité Numérique et Energétique pour l'inclusion à Madagascar (DECIM)» conclu le 9 avril 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

MARDI 20 JUIN 2023

10H 00: **Réunion des membres du Bureau Permanent** (Salle BP)

FICHE DE PRESENCE
CONFERENCE DES PRESIDENTS

MEMBRES DU BUREAU PERMANENT

| N° d'ordre | NOMS ET PRENOMS | FONCTION |
|------------|--------------------------------------|--------------------------------------|
| 1 | RAZANAMAHASOA Christine Harijaona | Présidente |
| 2 | RASOLONJATOVO Honoré | Vice-Président |
| 3 | RAZAFINTSINDRAOFA Jean Brunelle | Vice-Président |
| 4 | RAHELIHANTA Jocelyne | Vice-Présidente |
| 5 | NAHARIMAMY Irmah Lucien | Vice-Présidente (Excusée) |
| 6 | HENRI Jean Michel | Premier Questeur (Excusé) |
| 7 | RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera | Deuxième Questeur |
| 8 | ANGELE Solange | Rapporteur Général |
| 9 | RAFENOMANANTSOSA Tsirimaharo Ny Aina | Rapporteur Général Adjoint (Excusée) |

PRESIDENTS DES COMMISSIONS

| N° d'ordre | COMMISSIONS PERMANENTES | NOMS ET PRENOMS | ENTITE |
|------------|--------------------------------------|-----------------------------------|--------------|
| 1 | Commission de la Défense Nationale | VELOMAHAZO Patrice | IRD (Excusé) |
| 2 | Commission des Finances et du Budget | ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy | IRD |
| 3 | Commission de l'Energie et de l'Eau | RANDRIAMANAMPISOA Alfred | IRD |

| | | | |
|----|--|-----------------------------------|--------------|
| 4 | Commission de l'Elevage et de la Protection Animale | ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa | Non-affilié |
| 5 | Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche | BAOFENO Micheline | IRD(Excusée) |
| 6 | Commission de la Population et de la Protection Sociale | RATSIMANDRIONA Aida Hardy | IRD |
| 7 | Commission du Genre et du Développement | MASY GOULAMALY Marie Jeanne d'Arc | GPR(Excusée) |
| 8 | Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques | JOHASY Eléonore | GPR |
| 9 | Commission Chargé de l'examen des demandes de suspension de la détention, des mesures privatives et restrictives de liberté ou de la poursuite d'un Député | RAZAKANDRAINY Henri Dominique | IRD |
| 10 | Commission de la Mise en Accusation devant la Haute Cour de Justice (HCJ) | TSABOTOKAY Honoré | IRD |

PRESIDENTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES

| N° d'ordre | GROUPES PARLEMENTAIRES | NOMS ET PRENOMS |
|------------|------------------------|--|
| 1 | IRD | VELONTSARA Paul Bert |
| 2 | GPR | MILAVONJY Andriasy Philobert |
| 3 | TIM | RALAMBOZAFIMBOLOLONA RAZAFITSIMIALONA |

REPRESENTANTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES

| N° d'ordre | GROUPES PARLEMENTAIRES | NOMS ET PRENOMS |
|------------|------------------------|------------------------------|
| 1 | IRD | VELONTSARA Paul Bert |
| 2 | GPR | MILAVONJY Andriasy Philobert |

Représentants du Gouvernement

| | |
|--|--|
| 01-ANITA | Chef de Service |
| 02-RAMINOSOA Arozoa | Directeur de la Législation et du Contentieux |
| 03-RASOANARIVO Haja Niaina du Gouvernement | Directeur de Cabinet de la Ministre Porte-Parole |
| 04-RAHALISON Onjaniaina Adolphe la Communication et de la Culture | Directeur des Affaires Judiques de Ministère de |

Fisaorana an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny namakiany ny tatitry ny fivoran'ny «Conférences des Présidents» no nataon-dRamatoa Filoha taorian'izay ary nanambara koa ny tenany raha misy fanamarihana momba izany.

Samy tsy nisy nanana fanamarihana sy fanitsiana momba izany na ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta.

Avy hatrany dia niditra tamin'ny adihevitra ankapobeny momba ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory ary nanome fitenenana ny Solombavambahoaka, Ramatoa Filoha.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, amin'ny anaran'ny Solombavambahoaka maro an'isa eto anivon'ny Antenimierampirenena, hoy izy, no angatahana ny hamindrana aorian'ny fankalazana ny faha-26 Jona 2023 fetim-pirenен'ny Malagasy rehetra ny fandaharam-potoana tokony hotanterahana ny Alarobia 14 Jona sy ny Alakamisy 15 Jona ary ny Zoma 16 Joma 2023 izay fivoriambe hanaovana ny fametrahampontaniana amin'ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta. Tahaka izay koa ny fandaharam-potoana tokony hotanterahana ny Alatsinainy 19 Jona 2023, mikasika ny "examen et délibération sur les dossiers traités par la Comission de la Mise en Accusation devant la Haute Cour de Justice (HCJ)".

Ny antony, maro ny Solombavambahoaka manomana ny fetim-pirenena ary efa lasa any amin'ny toerana nahavoafidy azy izy ireo. Noho izany, tsy ho afaka manatrika ny «face à face» tokony hatao miaraka amin'ny mpikambana eo anivon'ny Governemanta amin'ireo andro ireo.

Raha nandray fitenenana kosa, Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa, nambarany fa Filohan'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana ny tenany ary nandefa fialan-tsiny tamin'ny tsy nahafahany niatrika ny asam-baomiera. Nalefa tany amin'ny Filohan'ny Vondrona Parlementera misy azy izany saingy tsy voarakitra ao anaty tatitra, ka tokony hapetraka ao ny teny soratra hoe «excusée».

Namaly, Ramatoa Filoha, fa tsy tonga tao aminy ny filazana tsy fahafahana mivory ka mety ho izay nahatonga izany tsy voasoratra. Raha izay no fangatahana dia hampidirina ao anaty tatitra ny fialan-tsiny nataon-dRamatoa Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot, nambarany fa Filoha Lefitry ny Vaomieran'ny Fiampangana manoloana ny Fitsarana Avo ny tenany ary manamafy amin'ny tokony hanemorana aorian'ny faha-26 Jona 2023 ny fandaharam-potoana hanaovan'ny Vaomiera ny «examen et délibération des dossiers» any aminy satria tsy ampy io iray andro io. Ny antony, mila andro maromaro mba ahafahana mandinika tsara ireo antontan-taratasy ireo. Fanampin'izay, handeha hanao fetim-pirenena any amin'ny Distrika nahavoafidy azy koa ny tenany.

Nanao satroka, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, ka nangataka ny hanaovana fampahafantarana ny solotenan'ny Governemanta tonga manatrika ny fivoriana.

Nanaiky, Ramatoa Filoha, ka nomeny fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba hanao izany.

Fiarahabana ny mpivory no nataon-Andriamatoa RASOANARIVO Haja, raha nandray fitenenana.

Nambarany fa izy no "Directeur de Cabinet de la Ministre, porte parole du Gouvernement". Izy ihany koa no nanao ny fampahafantarana ireo olona miara-dia aminy, ka toy izao izany: Andriamatoa RAKOTO Eric Raymond "Secrétaire Général Adjoint du Gouvernement", Ramatoa RAMINOSOA Harizo «Directeur de la Législation et du Contentieux, Primature», Ramatoa ANITA Leonce «Chef de Service des Relations avec les Institutions, Primature».

Taorian'izay, niarahaba azy ireo, Ramatoa Filoha, sady nirary soa ho azy ireo hahavita soa aman-tsara ny adidy sahanin'ny tsirairay avy.

Tsy nisy nandray fitenenana intsony, taorian'izay na ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta, ka nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso avy hatrany amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory.

Nambarany fa misy karazany roa ny volavolam-pandaharam-potoana handraisana fanapahan-kevitra amin'izao fivoriambe izao. Ny iray, volavolam-pandaharam-potoana tapaka teo anivon'ny «Conférence des Présidents» omaly. Ny faharoa, ny fangatahana nataon'ny Solombavambahoaka maro an'isa tamin'ny alàlan'ny Filohan'ny Vondrona Parlementera IRD manao hoe: aleo hahemotra aorian'ny faha-26 Jona 2023, fetim-pirenena ny fifanatrehana hataon'ny Solombavambahoaka sy ny amin'ny mpikambana eo anivon'ny Governemanta.

Nomarihan-dRamatoa Filoha, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana tapaka teo anivon'ny «Conférence des Présidents», Solombavambahoaka miisa 3 no nandany; Solombavambahoaka miisa 47 no nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 6 no tsy nilaza ny heviny.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana nasiam-panovàna hoe: hahemotra aorian'ny faha-26 Jona 2023, fetim-pirenena ny fifanatrehana hataon'ny Solombavambahoaka sy ny amin'ny mpikambana eo anivon'ny Governemanta.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 49 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny volavolam-pandaharam-potoana nasiam-panovàna hoe: hahemotra aorian'ny faha-26 Jona 2023, fetim-pirenena ny

fifanatrehana hataon'ny Solombavambahoaka sy ny amin'ny mpikambana eo anivon'ny Governemanta tokony natao ny Alarobia 14 Jona sy ny Alakamisy 15 Jona ary ny Alakamisy 16 Jona 2023 ho avy izao.

Rehefa izany, nanao satroka, Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, ka nomena fitenenana. Nambarany fa tsy mazava ny fizotry ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana teo. Momba ny «examen et délibération sur les dossiers traités par la Commission de la mise en accusation devant la Haute Cour de Justice (HCJ)», mila Solombavambahoaka maro ny fanatanterahana izany ka tokony ho tratra ny «quorum» vao azo atao ny «délibération» mikasika ny antontan-taratasy voaray. Noho izany, tokony hahemotra aorian'ny faha-26 Jona 2023 koa ny fivoriambe mikasika azy io.

Handraisana fanapahan-kevitra ihany koa ny hanemorana ny fivoriambe mikasika izay voalaza teo izay, hoy Ramatoa Filoha.

Rehefa natao ny tsangan-tànnana, Solombavambahoaka miisa 50 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny hanemorana aorian'ny faha-26 Jona 2023 ny fivoriambe hanaovana ny «examen et délibération sur les dossiers traités par la Commission de la mise en accusation devant la Haute Cour de Justice (HCJ)».

Taorian'izay, nanao satroka Andriamatoa RAKOTONIRINA Jimmy Joe, ka nomena fitenenana, ka fanontaniana no napetrany hoe: rahoviana no handalo eto amin'ny Antenimierampirenena ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2023 na ny «Loi de Finances Rectificative pour l'année 2023 (LFR 2023)».

Rehefa izany, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta sao afaka mamaly izany fanontaniana izany.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RASOANARIVO Haja Niaina, Tale Kabinetran'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina, nambarany fa tsy afaka mamaly ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka teo ny solotenan'ny Governemanta tonga manatrika ny fivoriana.

Nanambara, Ramatoa Filoha, fa azo henoina amin'ireo haino aman-jery samihfa ny valin'ny fotcana tokony handalovan'ny LFR eto amin'ny Antenimierampirenena raha toa hisy izany.

Nanao satroka, Andriamatoa MONG MANN Bismark ary nanambara fa andro tsy iasana kanefa andraisan-karama ny Alarobia 28 Jona 2023, andro ankalazain'ny Silamo; Noho izany, tsy tokony hiasa koa ny Antenimierampirenena amin'io daty io.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa hojerena ny mikasika izany sady efa fantatra koa ny fisian'io daty io.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa JOHASY Raharisoa Eléonore, nambarany fa misalasala izy hiteny hoe: ho vitsy ny Solombavambahoaka ho tonga amin'ny fihaonana hatao amin'ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta raha aorian'ny fetim-pirenena no hanatanterahana

izany. Raha ampitahaina ny isan'ny Solombavambahoaka tonga mivory androany sy izay mety ho tonga hivory aorian'ny 26 Jona 2023; tena ho vitsy izy ireo. Azo atao koa ve, Ramatoa Filoha, ny manontany hoe: firy no isan'ny Solombavambahoaka tonga mivory androany.

Namaly izany, Ramatoa Filoha ary nanambara fa raha ny isa voarakitry ny Mpitantsoratra tamin'ny fanamarinam-pahatongavana teo, 55 mahery no isan'ny Solombavambahoaka tonga amin'izao fotoana izao.

Taorian'izay, nambarany koa fa ny fandaharam-potoana mikasika ny fihaonana hataon'ny Solombavambahoaka amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, tokony hatao ny Alarobia 14 Jona sy ny Alakamisy 15 Jona ary ny Zoma 16 Jona 2023 dia ahemotra amin'ny Alarobia 28 Jona, ny Alakamisy 29 Jona ary ny Zoma 30 Jona 2023.

Nanamarika, Ramatoa Filoha, fa amin'ny Zoma 30 Jona 2023 io ihany koa no daty hamaranana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena.

Noho ny fanovàna natao tamin'ny volavolam-pandaharam-potoana teo dia haroso mialoha ny asa tokony hatao; ka androany amin'ny 3 ora, tolak'andro, hisy ny asam-baomiera mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2023 tamin'ny 24 Mey 2023 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au Projet connectivité Numerique et Energétique pour l'Inclusion à Madagascar (DECIM) conclu le 09 Avril 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)", izay tokony hanaovana fivoriambe amin'ny Alatsinainy 19 Jona 2023. Maika ity volavolan-dalàna ity amin'ny maha fampindramam-bola azy; noho izany, hatao rahampitso Alarobia 14 Jona 2023 amin'ny 10 ora, maraina, ny fandraisana fanapahan-kevitra momba io volavolan-dalàna io.

Nanao satroka Andriamatoa RAKOTOSON Hubert ary nanambara fa telo andro no fotoana natokana hihaonan'ny Solombavambahoaka sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta. Mangataka ny hampiakarana ho 10 minitra ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka tsirairay, fa tsy 5 minitra tahaka ny mahazatra teo aloha.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa voaray ny fangatahana.

Nanao satroka, Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, ka fanontaniana no napetrany manao hoe: raha aorian'ny 26 Jona 2023 ihany, rahoviana marina ny daty hanaovana ny «examen et délibération sur les dossiers traités par la Commission de la mise en accusation devant la Haute Cour de Justice (HCJ)».

Mety koa ve raha atao ao anelanelan'ny fotoana hihaonan'ny Solombavambahoaka sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta izany. Ny antony, amin'izay mba ho maro ny Solombavambahoaka tonga manatrika ny fivoriana mikasika azy io, mba tsy hisy olana ihany koa ny tsy fahatratrarana «quorum» izay nampitarazoka ity raharaha ity hatramin'izao.

Tamin'ny satroka nataon-dRamatoa RICHARD Tsimahalefy Alexandrine, nambarany fa miombon-kevitra amin'ny voalazan'Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré teo ny tenany. Rehefa izany, nangatahany ny hirosoana amin'ny fandraisana ny fanapahan-kevitra farany mikasika ity volavolam-pandaharam-potoana ity mba ahafahana miditra amin'ny zavatra hafa indray.

Taorian'izay, nanambara Ramatoa Filoha, raha mikasika ny fangatahan'Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré teo dia apetraka amin'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena ny fandaminana ny fotoana ahafahana manatanteraka an'io «examen et délibération sur les dossiers traités par la Commission de la mise en accusation devant la Haute Cour de Justice» io. Ho hita eo na hatao aloha na ao anelanelan'ny fotoana hihaonan'ny Solombavambahoaka sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta izany na aorian'izay.

Satroka hatrany no nataon'Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, ka fanentanana ny Solombavambahoaka ho tonga maro no nambarany mba hanatrika ireo fivoriana hatao aorian'ny 26 Jona 2023.

Nangatahany koa ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra mba handamina tsara ny fampitàna ny hafatra ho an'ny Solombavambahoaka rehetra hanatrika ny fivoriana amin'ireo fotoana ireo.

Nanao satroka, Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred ary nambarany fa zava-dehibe eo amin'ny vahoaka Malagasy ny herin'aratra. Mijaly ny mpanjifa ka inona no tsy itadiavana vahaolana maharitra amin'ny fitantanana izany. Tara loatra isika amin'ny fanatsarana ny sehatry ny herin'aratra; noho izany, mila vahana haingana ny olan'ny “délestage” eto Madagasikara.

Eo anatrehan'izay, tokony haroso koa ny fandinhana ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2023 tamin'ny 24 Mey 2023 «autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au Projet connectivité Numérique et Energétique pour l'Inclusion à Madagascar (DECIM)» conclu le 09 Avril 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)» mba hahafahana miala amin'izao olan'ny angovo eto amintsika izao.

Taorian'izay, nanambara Ramatoa Filoha, fa mbola hisy «projets de loi de ratification» maro handalo eto amin'ny fivoriambe. Amin'ny faha-14 sy faha-15 ary ny faha-16 Jona 2023 ho avy izao no hampidirina ny «projets de loi de ratification» tokony hodinohana aorian'ny fetim-pirenena amin'ny faha-26 Jona 2023. Hisy koa ny famindrana daty momba ny fihaonan'ny Antenimierampirenena amin'ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta. Ny mpikambana ato amin'ny Birao Maharitra sy Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena no handamina izay fandaharam-potoana rehetra izay.

Rehefa izany, nanao satroka Ramatoa JOHASY Raharisoa Eléonore ary nanambara fa tsy tokony ho ao anatin'ny 3 andro no handinhana ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2023, satria resaka «ratification» ihany no voarakitra ao anatin'y. Azo dinihana ao anatin'ny iray andro izany, ka na laniana na tsipahana na ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinhana azy. Mety hiala sasatra angamba ny Antenimierampirenena manomboka rahampitso hariva raha tsy misy fandaharam-potoana hafa hatao intsony raha izay no fandehany.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa tsy mbola miala sasatra ny Antenimierampirenena satria amin'ny Zoma faha-30 Jona 2023 ho avy izao vao hatao ny famaranana amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivorianara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena.

Nanao satroka, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, ka nohamafisiny ny tokony hidirana amin'ny asam-baomiera androany sy hanohizana ny asa tsy mbola vita rahampitso raha hisy izany momba an'io volavolan-dalàna laharana faha-011/2023 io.

Rehefa tsy nisy nandray fitenenana intsony ny mpivory, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra farany momba ny volavolam-pandaharam potoana nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny favoriambe.

Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 43 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Talohan'ny hiatoan'ny favoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha. Androany amin'ny 3 ora, tolak'andro, hisy asam-baomiera handinika ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2023 tamin'ny 24 Mey 2023 «autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au Projet Connectivité Numérique et Energétique pour l'Inclusion à Madagascar (DECIM)» conclu le 09 Avril 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)», ka ireto no voakasika amin'izany: ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, «saisie au fond»; ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny fanaovana Tetipivoarana, «saisie pour avis»; ny Vaomieran'ny Paositra, ny Fifandraisan-davitra ary ny Teknolojia Vaovao, «saisie pour avis», ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Rano, «saisie pour avis». Marihana fa ao amin'ny efitranon'ny Birao Maharitra no hanaovana io asam-baomiera io ary hatao rahampitso amin'ny 10 ora, maraina, ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika an'io volavolan-dalàna io.

Fanentanana ny Solombavambahoaka ho tonga maro hanatrika ny favoriana no namaranany ny fitenenany.

Niato tamin'ny 12 ora, atoandro, ny favoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

